

FIFANEKEM-PIASANA

1. FE-POTOANA

- 1.1. Izaio fifanarahana izao dia manan-kery mandritran'ny fotoana tsy voafetra ary mihatra manomboka amin'ny _____.
- 1.2. Ny mpiasa dia mamita fe-potoana andrana mandritran'ny _____ manomboka ny fotoana iharan'ny fifanarahana. Ao anatin'izay fotoana izay, ny fifanarahana dia afaka hatsahatra amin'ny fotoana rehetra avy amin'ny andaniny sy ny ankilany tsy ilaina filazana mialoha ary tsy misy vola tambiny ankoatran'ny karama.
- 1.3. Mahakasika ny mpiasa vahiny kosa, izao fifanarahana izao dia tsy maintsy nahazo alalana mialoha avy amin'ny Minisitra miandraikitra ny fisahanan'asa, rehefa nahazo fanamarinana avy amin'ny « inspecteur du travail » eo amin'ny toerana iasana.

2. TOERAM-PIASANA

- 2.1. Ny toeram-piasana dia _____.
- 2.2. Ny fifindran-toerana amin'ny fotoana voafetra noho ny filan'ny orinasa dia iantohan'ny mpampiasa.

3. MPIASA MIFINDRA TOERANA

- 3.1. Ny mpiasa voatondro ato anatin'ity fifanarahana ity dia afindra miasa any amin'ny _____ izay toerana hiandreketan'ny orinasa. Ny mpampiasa no miantoka ny trano honenana sy ny saran-dàlana mandroso sy miverina ho an'ny mpiasa sy ny ankohonany.

4. ANDRAIKITRA

- 4.1. Ny mpiasa dia voaray hiasa amin'ny toerana _____.
- 4.2. Sokajin'asa : _____.

5. FANDOAVANA KARAMA

- 5.1. Ny mpiasa dia mandray karama mitentina :
_____ **Ar isam-bolana**
- 5.2. Ny fandoavana ny karama dia isaky ny faran'ny volana itsahina, eny amin'ny toeram-piasana ary tsy maintsy efaina manontolo eto Madagasikara amin'ny vola manan-kery ara-dalàna.
- 5.3. Ny fandoavana karama dia azo atao amin'ny alalan'ny famindram-bola amin'ny banky voatendrin'ny mpiasa na amin'ny alalan'ny solom-bola misoratra amin'ny anaran'ny mpiasa.
- 5.4. Tsy maintsy hita fototra amin'ny alalan'ny taratasy filazana fandoavam-karama izay arafitry ny mpampiasa na ny solon-tenany ny fandoavana karama ary soniavin'ny mpiasa.